# Ora iray miaraka amin'i Jesoa

## Natao ho an'ireo tanora fanahy

**Bibles** et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

**Fizahan-takila >**

ISBN : 978-2-87907-391-0
Une heure avec Jésus
*Couverture : Pierre Larribau - photo ©Digital Stock Natural*

**Ora iray miaraka amin'i Jesoa** **5**

Fanasana natao tsirambina 5
Ny vato misakana 6
Ny « hafanan'ny andro » 9
Isa-maraina 11
Lamba manarona 13
Ireo vahaolana 16
*a. Ny zotom-po* *16*
*b. Ny vavaka* *17*
*d. Fahafoizana* *19*
*e. Finoana miasa* *21*
Anio 24

# ORA IRAY MIARAKA AMIN'I JESOA

> *« Hay ! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo ? »*[1]

## Fanasana natao tsirambina

Eo amin'ny fiainana andavanandro, (ary, ho an'ny maro, andavanandro isehoan'ny toetra tsy mahatoky), no mipetraka eo anoloantsika izany fanontanian'ny Tompo izany. Isika mihitsy koa no iantefan'izany teny izany. Teny toa maneho alahelo sy tsy fanampoizana, maneho fo onena sy fanomezan-tsiny : « *Hay ! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo ?* »

Saingy, amintsika, tsy ny sahan'i Getsemane, na alina feno horohoro, no resahina. Tsia ! Amin'ny fiposahan'ny maraina, eny amin'ny efa fisandratan'ny masoandro aza, no anasan'ny Tompo antsika hiara-hiari-tory aminy. Matetika anefa no feo mbola mamon-torimaso manao hoe : « *Eny Tompo ô, fa andraso kely* », no avalintsika Azy. Dia mbola « *mikoso-maso* » eo

1. Matio 26. 40

isika, mbola « *rendremana be ihany* », ary « *mamonkon-tanana hatory* ». Dify teo ilay ora sarobidy tokony ho nandraisantsika zava-tsoa, very.

« *Hay ! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo ?* » Inona no ho valinteny hasetrin'ny ankamaroan'ireo mpianatra izany fanontaniana izany ? Ny toy izao : « *Hataonay tokoa izany raha toa ka mba amin'iny hariva vao misoka iny, raha toa ka amin'iny ora tsy mbola anafihan'ny torimaso iny, ary indrindra moa raha mba hoe fiaretan-tory eo amoron'afo mirehitra mivoaramena mahafinaritra !* »

Fa zavatra hafa mihitsy kosa raha ny hoe hifoha ora iray mialoha, indrindra moa fa hoe ny hifoha mbola maizimaizina, ny hatsiaka mamely... Aoka hitsia !

## Ny vato misakana

Raha izaho no anontaniana hoe inona moa, araka ny hevitro, no vato misakana, izay efa nitoetra hatry ny ela, manelingelina ny ankamaroan'ny kristiana tsy handroso eo amin'ny fiainany ara-panahy, dia tsy amim-pihambahambana no hilazako fa : « *resin'ny fakàmpanahy izy ka tsy misalotra ny fiadiany ary tsy mitafy ny akanjony,*

*mialoha ny hivoahany ny efitranony ka hiatrehany ny asa aman-draharahany*». Moa ampy hiomanana ho amin'ny ady ve ny minitra vitsy monja itokanana am-bavaka ? Moa hahasehaka izay rehetra hatrehina mandritra ny tontolo andro ve izany ? Moa ampy ve ny minitra vitsy monja hamborahana eo anatrehan'ny Tompo ny filàntsika rehetra, ireo olantsika, sy ny antsipiriany amin'ireo asantsika ? Moa ampy hitadiavantsika sy hahalalantsika ny fihevitr' Andriamanitra mbamin'ny sitrapony ho antsika ve izany ? Moa ampy hivokisantsika amin'ny teniny ka handraketantsika izany ao am-pontsika ve io fotoana fohy io ? Moa ampy handraisantsika ny voa izay tokony hafafintsika ve izany ? Moa ampy ve izany minitra vitsy izany hanatanterahana ny fiaiken-keloka, fifonana, fitondrana am-bavaka ny hafa, ary indrindra indrindra hiderana sy hisaorana an' Andriamanitra ?

Moa ampy hilazan'ny Tompo izay tiany hambara amintsika ve ny folo minitra, na ny ampahefatr'adiny maimaika ? Moa ampy hampianaran'ny Fanahy Masina antsika amim-pahatoniana ve izany ? Moa ampy hanazavan'ny Fanahy an'ireo teny nambara taloha elabe, amin'ny alalan'ny tara-pahazavana vaovao entiny, ve izany ? Moa ampy

hampamirapiratan'io Fanahy io ny voninahiny, ka hampidirany ny aina avy aminy, ve io fotoana fohy io ? Moa fotoana ampy hifampiresahantsika amin'ilay Sakaizantsika ve izany ? Moa manaporofo ve izany fa tena te hifanerasera Aminy tokoa isika ? Ary na toa ampy tokoa aza izany raha mitaha amin'ilay fitiavana mahantra mba ananantsika manoloana ny Tompo, moa heverinao ve fa ampy izany raha mitaha amin'ny fitiavan-dehibe nasehony ho antsika ? Moa ampy ve izany hampitony an'io fo mangetaheta fatratra ny hifandray amintsika io ? Tiany loatra isika ka satriny ho eo anilany mandrakizay. Saingy, maivana kosa ny fitiavantsika Azy ka tsy vitantsika na dia ny hiala eo am-pandriana aza, amin'ny fotoana ilàna izany, mba hiresaka aminy. Tsy vitantsika ny hanokana antsasak'adiny « *miaraka Aminy* ».

Izy no efa tonga teo voalohany, tamin'io fotoana nifanomezana io. Tsy mba natory Izy. Tsy mba nandiso fotoana antsika **Izy**, fa **isika** no nandiso fotoana Azy. Izay zavatra tsy azontsika aninkeho maraina, iza indray no hilaza izany amintsika ? Iza no mahalala ny fahasoavana efa nomanin'ny Tompo ho antsika, ary saiky nomeny antsika tamin'io fotoana io ? Firifiry moa ireo harem-be natolotra antsika, kanefa verivery foana, nandritra ireo maraina nifandimby tao

anatin'ny dimy amby enimpolo sy telonjato andro nandrafitra ny taona iray nidify !

**Ny « hafanan'ny andro »[2]**

« Nefa », angamba, hoy ianao, « mitovy ihany na hivavaka alohaloha kokoa aho na hivavaka taratara kokoa. Tsy mampaninona na mialoha ny sakafo maraina hiarahan'ny mpianakavy aho vao hanokana fotoana maimaika hivavahana, na mialoha ny hirotsahana amin'ny asa mahazatra, na aorian'izany ». Azonao antoka ve izany ? Moa tsy mampihanjahanja ny tsy fitovian'izany ve ny zavatra miseho miverimberina eo amin'ny fiainanao ? Ny omaly tsy miova toa volan-kankafotra ny fiainanao : mivoaka ny trano ianao rehefa avy nitodika maimaika tamin' Andriamanitra. Tsy nomenao Azy akory ny fotoana hahazoany mampahery sy mitahy anao, izay satriny hatao mandrakariva. Mety ho tsy nahasokatra ny Baibolinao akory aza ianao, ka hanongilan-tsofina amin'izay hambarany aminao... Manomboka avy hatrany ny serasera amin'ny hafa, ny asa aman-draharaha, ny fianarana... Indreo tonga ireo taratasy isan-karazany mbamin'ny gazety ; miato kely ianao

**2.** Eksodosy 16. 21

mba hamaky azy ireny, topy maso monja anefa mba hahafantatra amin'ny ambangovangony ihany izay ambaran'izatsy sy izaroa... Ny asa, etsy an-daniny, mandodona anao, asa maika nefa tsy mbola vita. Misy olona te hiresaka aminao indray rehefa avy eo... Dia tonga ny ora fandraisanao ny fiara... Tonga ny ora tsy maintsy hivoahanao ny trano. Tsy nisy ny fotoana nitokananao tao amin'ny efitranonao tamin'io andro io, na, raha sendra nisy aza izany, dia voahelingelina ianao, misy miantso anao.

Mampidera ny fahaizany mihitsy ilay fahavalon'ny fanahintsika mba hisakanana ireo fikasana tsara ao anatintsika tsy ho tanteraka, rehefa mitaraikiraiky isika amin'ny fanatanterahana azy.

Tsy ireo fandrika hita maso ireo aza no tena lozabe. Inoako marimarina fa tsy hoe hisy zavatra hitranga tampotampoka eo hisakana anao tsy hitokana irery, amin'ny ora kasainao hanatanterahana izany ! Saingy, manana fitaka hafa voaomana ny mpaka fanahy. Miainga amin'ny zavatra tsy hita maso ny hita maso. Ao ireo zavatra mandodona ny tena, izay tsy hita izay maharatsy azy, kanefa tsy mifanaraka mihitsy amin'izay ankasitrahan'Andriamanitra. Manarona ny Tenin'Andriamanitra izy ireny ary misakana ny fivavahana.

Tsy mety hifantoka mihitsy ny sainao... Toa misy ilàna anao ihany any an-toeran-kafa... Toa hisy hanelingelina anao ihany. Miezaka ianao, (mahalana anefa vao tafita izany), ny hanadino ny resaka nifanaovanao tamin'ny hafa, ny votoatin'ny taratasy sy ny gazety novakinao, ny fikarakarana tokony hosahanina ao an-tokantrano... Mitamberina ao an-tsainao avokoa ireo rehetra ireo.

Manerana ny efitrano ny tabataba sy ny feo isan-karazany, ka mipaka any am-poto-tsofinao... Misy zavatra tsy maintsy hataonao tsaroanao tampoka eo... Misy asa manery anao, ary mitambesatra ao an-dohanao !... Hitanao fa tsy mitovy mihitsy ! Dia indro fa manomboka sahady ny adinao ianao raha tsy mbola namatotra akory ny fehinkibo teo am-balahanao. Mirotsaka eo an-tany fiadiana ianao, raha tsy mbola nitafy akory an'ireo fitaovana hoenti-miady. Vokany : ratsy ny tontolo andronao ; hangozohozo ianao ary ho resy. Mazava ho azy !

**Isa-maraina**

Angaha izay ihany ! Tsy vitan'ny hoe tsy manana fiadiana hanoherana ny fakàmpanahy ianao fa moa heverinao, raha izany tokoa no mitranga aminao izao, fa hisy fankatoavana

an'Andriamanitra sy fanomezam-boninahitra Azy eo amin'ny asa ataonao andavanandro ?

Ny andro vaovao tsirairay izay miposaka dia fanomezana ho antsika. Tsy izany ve ? Tsy hoe hanaovana ny sitrapontsika anefa fa hanaovana ny sitrapon'Andriamanitra. Kanefa, moa izany sitrapon'Andriamanitra izany marina tokoa ve no nokatsahintsika hatramin'ny marainan'ny andro, raha toa nirotsaka avy hatrany tamin'ireo asa aman-draharahantsika isika, fa tsy mba nanokana fotoana akory hamahanan-tena tamin'ny Tenin'Andriamanitra aloha ka namela ny Fanahiny hiasa ? Moa mahavatra manoina ny antsony, ka miandry ny baiko omeny, ve isika amin'ny zavatra rehetra ? Moa mba nentinao ambavaka teo anatrehany ve ireo olona mifandray aminao ? Moa manao ny zavatra rehetra, na ny teny na ny asa, amin'ny anaran'ny Tompo ve ianao, ka mampifantoka mandrakariva ny fijerinao aminy ? Sa dia miaina samirery ny fiainanao hatrany ianao ? Izay tianao hatao ve no ataonao amin'ny fanatanterahana an'ireo asanao, na ny madinika izany na ny vaventy, eny fa na mihevitra aza ianao fa ny asa fanompoana ny Tompo no mahasomokotra anao ? Moa mbola afaka ny hitondra voa ihany ve ny sampana raha tafasaraka amin'ny foto-boaloboka ?

**Lamba manarona**

Tsikelikely, dia indro toa misy rahona misoko manelanelana anao sy Andriamanitra, mihamatevina, ary manakona anao tsy hahita ny fahazavan'ny tavany. Hatreo, dia manomboka ny faharisarisana ao anatinao, ka sarotra aminao ny manararaotra izay fotoana maha-irery anao amin'ny andro, mba hivavahana. Te-hitady avy amin'Andriamanitra ny hery, izay tsapanao fa banga hanefana ny asan'ny Tompo ianao, kanefa dia vesaran-javatra ny fonao. Tsy faly amin'ny tenanao ianao. Tsy miainga ny vavakao, na zary endrika ivelany fotsiny izany ary maina sy poak'aty. Tsy ao ny Fanahy Masina. « *Nampalahelovina* » Izy, ary « *nahilikilika* ». Raha mba manokatra ny Baibolinao ianao, raha tokony « *handray ka hifaly amin'ny fahafantarana ny lalàn'i Jehovah* », dia mamaky toko iray noho ny fiheverana izany ho toy ny zavatra tokony hatao fotsiny ihany. Tsy milona tanteraka ao anatin'izany ny fanahinao, mba hahazoanao izay zavatra rehetra tiany homena anao : tsy mitoetra betsaka ao anatinao ny tenin'i Kristy.

Ilaina, noho izany, ny herin-tsaina sy ny fikirizana amin'ny finoana, mba hiverenanao faingana sy hitoeranao ao amin'ny tontolon'ny lanitra ; mba hahatsiarovanao hoe miray tanteraka amin'Ilay Mpamonjy nanao asa

famonjena tonga lafatra sy maharitra mandrakizay ilay fanahinao voavidy. Azonao atao dieny izao izany ezaka izany. Ny hiaikenao ny helokao eo anatrehan'Andriamanitra no hany andrasana aminao, araka ny voalazan'ny 1 Jaona 1. 9. Izy kosa hamela anao, araka ny fampanantenana nomeny. Tsapanao loatra anefa fa tsy mora akory io fiverenana amin'ny Tompo io, indrindra moa fa ny hamolahanao an'ilay efa fahazaranao mandeha amin'izay hitarihan'ny sainao anao ihany hatramin'ny marainan'ny andro.

Moa mahagaga ve raha reraka ny fiainana arapanahy, raha hita soritra ny fifandimbiasan'ny toe-po ravo sy manjoretra, ny tsy fahatokiana sy ny fahakiviana, tsy misy fifaliana, hery, na fandresena ?

Nahoana no ao anatin'ireo fahasahiranana tsy nampoizina eo amin'ny manodidina anao, eo amin'ny fiantsoana niantsoana anao, eo amin'ny toe-javatra ivelany no itadiavanao ny anton'izany fahosanao izany ? Ireny indrindra no fomba ampiasain'Andriamanitra, noho ny fitiavany, ho fanerena antsika hiankin-doha tanteraka aminy hatramin'ny marainan'ny andro, ka hisotro amin'ny loharanon'aina. Tsy maintsy Izy ve no hanapaka tampoka ny fihazakazahantsika amin'ny aretina mafy, mba hihainoantsika izay

rehetra tiany hambara amintsika ? Moa tsy hanery antsika ve Izy, indray andro any, hanenina mafy ny amin'ny fotoana nanaovantsika tsinontsinona ny fahasoavana natolony hatramin'ny vao mangiran-dratsy, mba hampaherezana antsika manoloana ny asany ? Aza miandry ny higadonan'izany alina hiaretan-tory tsy fidiny ao anatin'ny fanaintainan'ny aretina sy ny kaikitry ny fahoriana izany vao hanoina an'ity antso malefaka feno alahelo ataony manao hoe : « *Hay ! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianao ?* »

Heveriko fa tsy nisy, na ny iray tamintsika aza, tsy namolavola imbetsaka, manoloana indrindra an'io olana io, ny antsoiny hoe « *fanapahan-kevitra tsara.* », nefa « *nandamoka* ». Tsy tokony hahagaga antsika izany : tsy hita soritra ao amin'ireo fitaovam-piadiana ara-panahy, izay asain'ny Tenin'Andriamanitra tafintsika mantsy, mba hiadiana ny adin'ny finoana, ireny karazam-bahaolana tsy mazavazava ireny. Mila manandrana miroso amina zavatra mafy orina sy mazava tsara isika, noho izany.

## Ireo vahaolana

*a. Ny zotom-po*[3]

Voalohany indrindra, aoka hanana fanapahankevitra hentitra isika. Izany no tsy maintsy ananantsika fa tsy ny fitarainana ny amin'ny fahalementsika, na ny filàna voa tsy ary isan'andro vaky izao : « *Tiako raha mba...* », na ny hoe : « *Tsy maintsy ananana izao na izatsy izay vao...* ». Tsia, tsy ilaina ny haingitraingitra sy ny didoha. Ny fikirizana amim-pitoniana, amim-panetren-tena, ary amim-paharetana no ilaina, tahaka ny nataon-dry i Davida[4], sy ry i Daniela[5], ary ry i Paoly. Raha tsy vonona isika, na ny vavaka ataontsika aza dia tsy hanan-kery ary tsy hahitam-baliny. Ny amin'ny zavatra tiantsika hatao, moa tena tapa-kevitra ve isika ? Raha tsorina : ny zavatra lazaintsika fa tiantsika atao, tena vonona ny hanatanteraka izany izao dia izao ve isika ? Raha toa ka tsy izany dia aoka hangataka faingana amin'ilay Fanahin'ny fahasoavana rehetra isika mba ho mahitsy fo sy tapa-kevitra. Eny, angataho izany amin'izao fotoana hahenoantsika indray ny antson'

---

**3.** 2 Petera 1. 5 • **4.** « Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko ; maraina no hivavahako aminao ka hanandrandra aho » (Salamo 5. 3). « Mitady Anao fatratra aho, mangetaheta Anao ny fanahiko » (Salamo 63. 1). • **5.** Daniela 6. 10

Andriamanitra miantefa ao amin'ny feon'ny fieritreretantsika izao. Aza mamela ny tenanao ho varimbariana, aza miala eo amin'io toerana misy anao io, izany hoe eo anatrehan' Andriamanitra, raha tsy efa nandray fanapahan-kevitra mazava. Tsy vazivazy io fa tena zavatra matotra. Tianao ve, sa mbola tsy satrinao, ny hiroso amin'izany, izao ankehitriny izao ? Tsy misy safidy hafa anelanelan'ireo.

*b. Ny vavaka*

Faharoa, rehefa tapa-kevitra tsara, dia ndao **hivavaka**.

Aoka hangataka amin'Andriamanitra isika mba hahomby, noho ny fahasoavany, ilay fanapahan-kevitra matotra nomeny antsika tamin'ny alalan'io fahasoavany io ihany. Averina ihany fa tsy hitondra na inona na inona ho antsika mihitsy ny fitarainana sy ny vavaka tsy mazava. Tsy rahampitso fa anio hariva ianao no tokony hihetsika : manatona ilay Mpampianatra be famindram-po, tantarao Azy ny tantara mampalahelo nolalovanao, ambarao Azy ireny fihemorana sy tsy fankatoavana nanameloka anao ireny, mba hahafahanao hiatrika ny ady miandry anao rehefa avy eo. Hahery ianao noho ny heriny, noho ny herin'ny rany izay manadio sy

ny Fanahy izay mamelombelona, maharitra noho ny teniny feno fitiavana sy mahery.

Aza mianina fotsiny amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra iray goavana, ho an'ny androm-piainanao iray manontolo : hafa ny fomba fiasan'Andriamanitra. Miantso antsika « *isa-maraina* » Izy. Aoka hangataka Aminy isika mba handrotsahiny amintsika ny herin'ny fahasoavany amin'**io maraina vaovao io**, raha toa ka mbola nomena antsika ny hahita izany. Angataho Izy mba hiambina anao mandritra ity alina ity, mba hanome anao fisainana tsara, ary mba hahatsapanao ny fanatrehany, eny fa na amin'ireo fotoana zara raha hahatsiarovanao saina ihany aza. Mangataha Aminy mba ho mbola « *eo anilany* »[7] ihany ianao amin'ny fotoana hifohazanao, ary mba hahay hifoha tsy mimonomonona ianao, haniry sy ho faly miaritory ora iray feno fahatoniana ary tsy misy manelingelina miaraka amin'ilay Mpamonjinao.

### *d. Ny fahafoizana*

Fahatelo, na eo aza anefa ny vavaka amin'ny fo mafana, ary na eo aza ny fanapahan-kevitra matotra, dia tsy hisy vokany izany raha tsy ampiantsika ny **fahaiza-mitsinjo** - fahaiza-

---

**6.** Isaia 50. 4 • **7.** Salamo 139. 18

mitsinjo izay manery antsika hahafoy zavatra betsaka. Isika ihany no mamorona olana sarobahana ho an'ny tenantsika rehefa hadinodinontsika fa sarotra anie ny manenjika bitro roa, tsy azo atao ny manao mamy ny atsy, fy ny eroa. Sarotra amintsika ny hifoha maraina raha alina loatra isika vao matory.

« *Hafoiko daholo ny zavatra rehetra ho tambin'ny ora iray tena sarobidy amiko* », hoy ny holazain'ny kristiana iray izay kamo, na ny iray hafa mila fotoana hatoriana lava kokoa. Tsia, hoy izaho aminao ; misy zavatra iray izay tena tsy afoinao mihitsy : ny adiny iray ao anatin'ny takarivanao. Be fitaky loatra angamba izany, hoy ianao, sa tsy izany ? Mba hahatanteraka izany mantsy dia ilaina ny hialanao adiny iray mialoha eo amorom-patana ; ilaina ny hampitsaharanao adiny iray mialoha ny famakiana ny boky ankafizinao ; ilaina ny hamarananao adiny iray mialoha ny resaka mahaliana na ny asa natomboka. Izany no tsy maintsy hataonao mba hahafahanao mifoha maraina kokoa rahampitso. Tsia, tsy hihevitra izany ho filàm-boa tsy ary ianao raha vonona ny hahafoy marina tokoa. Eny, hahatsapa ianao, na ho andrana fotsiny ihany aza aloha no hanaovanao izany, fa ho voaonitra avy arivo heny ny fahafoizana nataonao, amin'ny alalan'ireo fitahiana ho azonao tsy tapaka.

Tsy lavina fa ho sarotra tokoa ny hanombohanao hizatra izany isan-kariva. Saingy, ny fankatoavana sy ny fahatokiana no andrasana aminao. Mandrisika antsika hanana fahatokiana mihoatra noho ny fiheverantsika izany rahateo Andriamanitra. Tsy maintsy anterina etoana fa hanary ny soa tokony ho azonao ao anatin'ilay « *ora fitahiana* », na ny alina izany na ny ampitso maraina, ny fanananao fahazarana mamaky « *pejy vitsivitsy* » amin'ny boky iray ankafizinao, ao anatin'ny fotoana tokony hatoriana. Inay anie ny efitrao mba ho toera-masina handraisana Ilay Vahiny tsy hita maso ! Aza mampiandry Azy ela, satria hoe mbola hamita hatramin'ny farany ny famakiana ny toko iray ao amin'ny boky izay tsy Teniny akory ianao ! Mamita toko iray, dia mazàna manohy ny toko manaraka. Hameno ny saina ny « *zavatra hafa* »[8], ary. tampotampoka eo... hilaza ianao hoe : « *Ny masoko ve no mandroroa ? ... Tsy nampoiziko ho efa alim-be toy izao ity andro !...* » Nandritra izany fotoana izany no efa niandry teo ny Tompo. Moa tokony hahagaga ve raha tsy ao anatinao intsony ny hetaheta hamaky ny Tenin'Andriamanitra aorian'ny fandraisanao fanapahan-kevitra hanakombona ny boky novakinao ?

**8.** Marka 4. 19

*e. Ny finoana miasa*

Tsy ho ampy ireo fepetra telo ireo raha tsy eo ity fahefatra ity. Tsy inona izany fa ny **fitokiana**.

Eto no ahitana ny lesoka eo amin'ilay «*fiarovan-tratrantsika*», matetika. Mivavaka isika kanefa tsy matoky ny valim-bavaka. Tafintsika ireo silany maro amin'ny fitaovam-piadiana, kanefa tsy ataontsika eo ambany fialofan'ny ampingan'ny finoana akory. Mangataka amin'ny Tompo isika mba hiasa ho antsika, kanefa tsy miantoraka aminy mba hahatanterahany izany marina tokoa. Izany no mitranga amintsika, matetika.

Zavatra roa loha tsy mitovy mihitsy ny hoe tsy matoky ny tena sy ny hoe tsy matoky an'i Jesoa. Moa efa nahateny tamin'ny tenanao ve ianao nanao hoe : « *Ny omaly tsy miova ny fiainako isa-maraina, tsy mahita fahombiazana hatrany aho, tsy hitako intsony izay hatao, tsy manan-kery aho ; hitady vahaolana vaovao moa mainka handamoaka mihoatra noho ny teo aloha izany, tsy ilaina ny hitadiavana izany !* » ? Mahatsapa ve ianao fa ianao mihitsy no indro tonga amin'izany toerana izany ankehitriny ? Tsy mampaninona izany. Te hiteny aminao aza aho hoe : mainka tsara izany... raha toa ka tsy mieritreritra ny hijanona eo amin'izany toerana misy anao izany ianao ! « *Tsy ho efako izany fa ho efan'i Jesoa* » : ny

fahatsapanao izany no vahaolana eto, sy vahaolan'ireo fahasahiranana sisa hafa rehetra koa. « *Tsy manan-kery hifohazana maraina aho ka indro apetrako amim-paharetana eo ampelatanan'ny Tompo ny zava-drehetra. Izy no andrandraiko hanome hery ahy. Izy ihany no hiahy izay momba ahy rehetra* ».

Hahatsiaro ho menatra sy ho vasoka isika rehefa miaiky ny toerana misy antsika toy izany. Arakaraka ny hanatsinontsinoavana ny fakàmpanahy anefa, ka hanaovana azy ho tsy misy dikany, no hitomboan'ny henatra amin'ny fahalavoana sy mainka hihariharian'ny fahalemena. « *Raha tsy miray amiko ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona* », hoy i Jesoa ; ary hoy ny anampin'ny fisainantsika izany : « *Tsy misy tokoa, eny fa na dia ny hifoha amin'ny ora tokony hifohazana aza !* ». Rehefa tonga amin'izany fahatsapana izany isika, rehefa tsapantsika fa toa fahalemena ihany izay mba herintsika, dia tsy misy azontsika lazaina intsony afa-tsy ny hoe : « *Ry Mpamonjiko ô, Ianao no itokiako* ». Ambarao aminy izao ankehitriny izao izany, lazao aminy amin'izao hariva izao, ho fiomanana amin'ilay ady tsy ahazoana fandresena, matetika. Matokia Azy fotsiny, tena matokia Azy marina fa Izy no hanome anao ny fandresena ary ho hitanao fa tsy hamitaka anao

Izy. Tsy mbola namitaka antsika Izy no sady tsy hamitaka antsika mandrakizay. Ny fitokiana Azy no tsiambaratelon'ny fahombiazana. Izy no Ilay Mahatoky. Rehefa mandresy indray mandeha ianao, dia mahazo hery handresy indray amin'ny manaraka, satria mitombo hatrany ny hery itondrany ny olony. Aza mianina amin'ny fahazoana fandresena indray mandeha anefa ! Izany mantsy no ho fiandohan'ny fahalavoana vaovao indray. Ny Tompo Jesoa irery no Mpanafaka anao isan'andro isan'andro. Raha nametraka ny tokinao taminy ianao androany dia ankino aminy koa ny ampitso, ary toy izany koa isan-kariva sy isa-maraina. Amin'izany fomba izany no hamoahany anao hatrany ho mpandresy.

**Anio**

Moa tsy fahazarana tokony hiainana manomboka izao ve izany, mba hisian'ny vanim-potoana vaovao masina kokoa, mahasoa kokoa, sambatra kokoa, amin'ny fiombonana akaiky kokoa amin'ny Tomponao ?

Nampahantra tena an-tsitrapo ela loatra isika. Indrisy, efa be tokoa ny « fotoana lasa » ; « ampy »[9]

---

**9.** 1 Petera 4. 3

izay ny fotoana nolaniantsika tamin'ny fahakamoana, sy ny tsy finoana. Aza miandry fotoana hafa, fa anio no manatòna ny Tompo. Ary **rahampitso maraina**, rehefa mitafy ny heriny ianao ka mandre ny feo manao hoe : « *Tonga ny Mpampianatra, miantso anao Izy* »[10], dia manaova toa an'i Maria, izay « *raha vao nandre izany dia nitsangana faingana ka nankeo aminy* ».

**10.** Jaona 11. 28, 29